Bokin’ny mpaminany Kacou Philippe

TOKO FAHA-02: TONONY NY FITSARANA

(*Notorina ny alahady 18 sy 25 aogositra 2002 tany Locodjro, Abidjan – Côte d’Ivoire / www.matth25v6.org*)

Mamaky ny Apok. 14 :6-10 i rahalahy Philippe : *« Ary hitako fa, indro, nisy anjely [iray koa] nanidina teo afovoan'ny lanitra, nanana filazantsara mandrakizay hotorina amin'izay monina ambonin'ny tany sy amin'ny firenena sy ny fokom-pirenena sy ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra, nanao tamin'ny feo mahery hœ: Matahora an'Andriamanitra, ka omeo voninahitra Izy, fa tonga ny ora fitsarany; ary miankohofa eo anoloan'izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano. Ary nisy iray koa, dia anjely faharoa, nanaraka ka nanao hœ: Rava, rava Babylona lehibe, izay nampisotro ny firenena rehetra ny divain'ny fahadalan’ny fijangajangany. Ary nisy iray koa, dia anjely fahatelo, nanaraka ireny ka nanao tamin'ny feo mahery hœ: Raha misy miankohoka eo anoloan'ny bibi-dia sy ny sariny, ka mandray ny marika eo amin'ny handriny na amin'ny tànany, dia izy koa no hisotro ny divain'ny fahatezeran'Andriamanitra, izay naidina tsy miharoharo zavatra tao anatin'ny kapoaky ny fahatezerany ; sady hampijalina amin'ny afo sy solifara eo anatrehan'ny anjely masina sy eo anatrehan'ny Zanak'ondry izy »*]…

Mivavaka tsy ankiato izao tany manontolo mba hisian’ny fifohazana. Hotanterahan’Andriamanitra izany, noho ny lanjan’izany fangatahana izany. Nefa ny fifohazana tsy avy raha tsy amin’ny alalan’ny Teny fampodiana. Ny Jiosy dia niandry mesia fa araka izay itiavany azy.

Miverina ato amin’ny lahatsoratra isika izao, andinony faha-6, avy aiza io anjely io? Avy ao amin’ny trano fitahirizana ny Teny. Ny Tenin’Andriamanitra dia avy any an-danitra avy amin’ny alalan’ny anjely ary ny tenin’ny devoly kosa dia avy any amin’ny lavaka lalina amin’ny alalan’ny fianarana ho pasitera. Io anjely io dia avy ao amin’ny tempoly, ilay ohatry (Na: môdely) ny Fiangonana izay any an-danitra fa tsy ao amin’ny bokin’ny Asan’ny apostoly, any Vatican na Etazonia. Nambaran’Andriamanitra tamin’i Mosesy, Isaia, Ezekiela ary ny mpaminany rehetra izany. Paoly sy ireo apostoly hafa nahita ary nametraka ny fototra (Na: fanorenana) teto an-tany. 1 Kor. 3:10-11 sy Efes. 2:20 manamarina izany. Koa aiza ary ny fanorenan’ireny fiangonana, asa-misionera sy ministera ireny? Moa va tsy nataon’i Paoly apostoly menatra ny kristiana tao Galatia izay saika hiantehitra taminy mba hanorenan’ireo fianarana ho pasitera sy teolojia? Gal. 1:11-12. Ankehitriny, ny branhamista dia miezaka mafy mihitsy ny mba hitoetra ao amin’ny fampianaran’i William Branham; efa avy amin’ny devoly izany! Ireo demony ao amin’ny loterana ihany ireo. Ao amin’ny iray amin’ireo fiangoanan-drizareo, mihoatra ny roa ampahatelony ary voaisa ao koa ny pasitera dia nanova anarana tahaka ny silamo. Ny sasany miteny hoe: “*Izahay mino ny kotrokorana fito…*”. Ny sasany kosa milaza hoe: “*Raha milaza ianareo hoe: “hoy rahalahy Branham” dia*”… ny sasany indray: “*Izahay miandry ny Hery Manintona faha-3 (Na: 3ème Pull)…*”, “*Izay lazain’ny Hafatra no lazainay…*” Hitanareo? Lasa mitovy amin’izany rehefa mandao an’Andriamanitra.

Fantatsika fa ny mpaminany-mpitondra hafatra rehetra dia nandray ny Toriteniny avy any an-danitra ary hozahantsika izao ny Hafatra ao amin’ny andinony faha-6 sy faha-7. Io no Hafatra voalohany milaza amin’ny Afrikana ohatra ny hiankohofany eo anoloan’Ilay nanao ny lanitra: ny kintana, ny masoandro, ny volana sy ireo anjely nazera (Na: lavo) izay mampiasa ny tonon’andro, ny fikambanana mystika, ireo fombam-pivavahana koa aza. Ny kristianisma dia tsy fivavahana (Na: fombam-pivavahana) fa fiainana. Mandidy ny Haitiana na ny Beninoa hiala amin’ny ody (Na: sikidy), fanasinana, fombafomba sy ireo endrika hafa fanompoana sy fiantsoana fanahy rehetra… ny tany izay mamelona anareo ary havadikareo ala sy hazo masina, tsangam-baton-tsampy ary saron-tava hiankohofana… ny ranomasina sy ny loharano izay tsy tokony hotompoinareo intsony.

Aoriana kely, eo amin’ny andinony faha-8, nisy anjely faharoa nivoaka tsy avy amin’ny seminera na fianarana ho pasitera fa avy any an-danitra. Hitory teolojia ve? Tsia! Hitory ilay toriteny tamin’ny efa-polo na zato taona lasa iny ihany ve? Tsia! Handeha hanambara ny Teny any amin’ny mpampianatra sy mpanabe any amin’ny fianarana ho pasitera ve? Tsia! Hanome ny fomba fijeriny mifanaraka ny nanambaran’olona iray efa-polo taona lasa ve? Tsia!... FA TONGA NY FOTOANA HITORINA ILAY EVANJELY AMIN’NY AMBARATONGA HAFA! [*Hoy ny fiangonana: Amen!!*]. Hitorina ny fanamelohana an’i Babylona lehibe, dia ny fiangonana katolika satria namely, nahafaty ny olona masina izy ary nanimba ny lalam-pamonjena rehetra. Voazava tsara izany ao amin’ny Apok. 17. Tamin’ny taonjato faha XV sy XVI izany niaraka tamin’ny “réforme” (Na: fanavaozana). Ary izany dia nitarika ny protestatisma. Taorian’izay, rehefa maty ry Luther (Na: Lotera), Zwingli, Farel, Calvin, John Wesley sy ny hafa, dia nokendain’ireo (Na: nogejain’ireo) fiangonana ny Fiangonana. Koa naniraka anjely fahatelo Andriamanitra, mpitondra hafatra fahatelo miaraka amina hafatra faminaniana ho an’ny mponin’ny tany. Andriamanitra tsy mba maniraka fiangonana na fikambanan’olona mihitsy hampitondrainy na hampamerenany amin’ny laoniny ny Marina eto ambonin’ny tany fa mpaminany-mpitondra hafatra ihany. Mandà io mpaminany, mandà an’Andriamanitra izany, satria ny mpaminany dia vava, mpitondra tenin’Andriamanitra, mpitondra Hafatra avy amin’Andriamanitra, irak’Andriamanitra ary tsy olona mpanome teny fahalalana na mpanjera olona maro any amin’ny alim-bavaka miaraka amin’ny fahagagana sy karazam-panambarana maro, na dia marina foana aza ny fanambarana ataony… Mpaminany, ny teny hebreo ilazàna ny mpaminany dia nabia ary io teny io midika hoe: “*mpitondra teny*”, tsy hoe mpitondra fahagagana na mpitondra hosotra fa “*mpitondra teny*”. Hitanareo? Ny mpaminany mpitondra hafatra dia toetra famantarana (Na: fomba iavahana, marika) an’Andriamanitra sy endrika isehoan’ny Tenin’Andriamanitra ho an’ny taranaka misy azy. Raha misy ministera ao amin’ny Efesiana 4:11 tsy manao ny asany, dia ho tanteraka hatrany ny drafitr’Andriamanitra. Fa Andriamanitra tsy mba manadino mampiasa na manolo ny mpaminany mpitondra hafatra izany. Na dia mandà tahaka an’i Jona aza izy, dia ho ampiasain’Andriamanitra foana… Hitanareo? Ary matoa nirahina ny mpaminany mpitondra hafatra iray, dia satria efa tsy misy Fahamarinana intsony teto an-tany ary ny Hafatra entiny ihany no Fahamarinana tokana monja amin’ny fotoany. Izy no mpiambina ny Fahamarinana ary mpifehy (Na: mpanao lalàna) ny Teny. Hitanareo? Fony Noa nitory teny, tsy misy afaka ho vonjena raha tsy amin’ny alalan’ny Hafatr’i Noa. Fony Jeremia nitory teny, tsy misy

afaka ho vonjena raha tsy amin'ny alalan'ny Hafatr'i Jeremia. Fony Elia nitory teny, tsy misy afaka ho vonjena raha tsy amin'ny alalan'ny Hafatr'i Elia. Fony ny Tompo Jesosy nitory teny, tsy misy afaka ho vonjena raha tsy amin'ny alalan'ny Hafany. Hoy Izy: "*Tsy misy olona mankany amin'ny Ray afa-tsy amin'ny alalako*". Fony Luther nitory teny, tsy misy afaka ho vonjena raha tsy amin'ny alalan'ny Hafany. Fony Wesley nitory teny, tsy misy afaka ho vonjena raha tsy amin'ny alalan'ny Hafany. Fony William Branham nitory teny, tsy misy afaka ho vonjena raha tsy amin'ny alalan'ny Hafany. Ary raha zanak'Andriamanitra ianareo, dia nino azy ireo ary sahala amin'izany ihany ankehitriny. Ary nialohan'ny nidiran'izy ireo an-tsehatra, dia efa nambaran'ny faminaniana ara-baiboly ireo, manambara fa amin'ny vanim-potoana tahaka izao, hanao zavatra tahaka izao Andriamanitra. Hitanareo? Jesosy nampiseho tao amin'ny Lioka 4:14-21 fa Isaia 61:1-2 dia milaza (Na: manambara) Azy. Jaona mpanao batisa nampiseho tao amin'ny Matio 3:1-3 fa Isaia 40:3 dia milaza (Na: manambara) azy. Paoly apostoly nampiseho tao amin'ny Asa 13:47 fa Isaia 49:6 dia milaza (Na: manambara) azy,... Izay koa no hiavahan'ny mpaminany tena izy amin'ny sandoka. Ary ny jiosy rehetra mahalala fa Andriamanitra tsy mba mitondra ny olony raha tsy amin'ny alalan'ny mpaminany. Ary tsy afaka ny hitoetra ao amin'ny Sitrapon'Andriamanitra raha tsy amin'ny alalan'ny mpaminany. Ivelan'ireo jiosy, dia ireo silamo no nahazo io lesona io. Ny silamo mino ny mpaminany.

Ny loza manjo ny olona mantsy dia satria tsy fantany fa ny fahalavoana tao Edena dia nahatonga azy ho ambany noho ny biby ary tokony hiantehitra amin'ny mpaminany izy araka ny 2 Tan. 20:20… *« … ary nony nivoaka izy, dia nitsangana teo Josafata ka nanao hæ: Mihainoa ahy, ry Joda, sy ianareo, ry mponina eto Jerosalema: Minoa an'i Jehovah, Andriamanitrareo, dia ho tafatætra ianareo; minoa ny mpaminaniny, dia hambinina ianareo... »* Hitanareo? Fantaro fa na pasitera na ny ministera dimy tafangona dia tsy hahatanteraka ny Fiangonana velively. Hisy mpaminany mpitondra hafatra eto an-tany amin'ny fotoan'ny fampakarana… Hitanareo? Hosea 12:14 milaza hoe:… *« Mpaminany no nentin'i Jehovah nitondra ny Isiraely nivoaka avy tany Egypta, ary mpaminany koa no nentina niahy azy »* Hitanareo? Ny mpaminany Mosesy, nentin'i Jehovah nitondra ny Isiraely nivoaka avy tany Egypta, ary ny mpaminany Josoa, niahiany azy.

Inona no lazain'ilay anjely fahatelo? Manameloka ny fiangonana katolika izay ary tsy izany ihany fa ny fiangonana hafa rehetra, asa-misionera sy ministera; manameloka ireo izay manao ny tenany ho mpanompon'Andriamanitra nefa tsy izy akory ary ao amin'ny lafiny faharoa, miresaka momba ny mariky ny bibi-dia izy. Fantany tsara noho izany ny atao hoe mariky ny bibi-dia ary resahiny izany. Aoka tsy hisy fiangonana, na olona, na iza na iza izy, na teolojia hamitaka anareo… Ny Tenin'Andriamanitra dia tsy toriteny ara-piarahamonina, ara-moraly, ara-tsiansa na ara-pilazantsara izay roa arivo taona lasa velively fa fanambarana ara-paminaniana nampanantenain'Andriamanitra ny taranaka iray ary avy amin'ny alalan'ny olona iray ihany, dia mpaminany mpitondra hafatra izany ary ny ministera dimy ao amin'ny Efesiana 4:11 no lasa akony ary tsy mba manohitra ny Azy (Na: ilay Hafatra) na oviana na oviana [*Hoy ny fiangonana: Amen!!*].

Inoako fa efa nambarako taminareo ny fampitandreman'Andriamanitra, momba ireny demonin'ny famitahana izay antsoin'ny olona hoe "fanahy masina" ireny izay any anaty fiangonana katolika, metodista, batista, foursquares, anglikana, nazareana, advantista, mormons, pentekôtista,… Ary maro fiangonana mitsiry eny rehetra eny. Na dia eo aza ny fahasamihafan'ny fampianarany (Na: fomba fijeriny), dia akamban'i Satana andriamaniny ao anaty vondrona sy fikambanam-piangonana ireo… dia karazam-mpiombonana hafa koa. Ary fantatsika fa tsy momba (Na: mikasika) azy ireo ny fampakarana sy ny paradisa. Ary ao anatiny ireo, dia isaintsika ao koa ny branhamista. Tahaka an'ireo magy, tsy maintsy nivoaka an'i Jerosalema, io fikorontanana io (Na: fikororohana), koa aho mba hahitako ilay kintana indray. Ary ny fiangonana tsirairay avy dia manana sampana maro toy ny any amin-drizareo batista: misy ny fiangonana batista "libre", ny fiangonana batista "fondamentale", ny fiangonana batista apostolika, ny fiangonana batista misionera, ny fiangonana batista "médridionale", ny fiangonana batista "du plein évangile", ny fiangonana batista "oeuvres et missions", ny fiangonana batista "foi et vie", ny fiangonana batista "chandelier", ny fiangonana batista evanjelika, ny fiangonana evanjelika batista, ny fiangonana batista an'ny pentekosta, ny fiangonana batista profetika, ny fiangonana batista "Emmaüs", ny fiangonana batista "plein feu", ny fiangonana batista iraisam-pirenena, ny fiangonana batista an'i kristy, ny fiangonana batista "progressiste", ny fiangonana batista navaozina (Na: reformée), ny fiangonana batista biblika,… mihoatra ny sampana 70 ary ny tsirairay samy manana ny fampianarany avy, ny filohany avy, ny fanahy masiny avy,… ny Baiboly milaza fa io fikorontanana rehetra io dia mizotra mankamin'ny fahaverezana. Satria raha mamonjy olona ao amin'ny "assemblée de dieux" na batista Andriamanitra, dia ahoana izany ny fariseo, Balama, Jodasy ary Kaina? Satana sy ireo zanany milaza hoe: "*Na ao amin'ny batista ianao, "assemblée de dieux", fifohazana na hafa fa tsara fitondran-tena dia izay no zava-dehibe…"* Tadiaviny ampinoana antsika fa ao amin'ny andian'i Jesosy, misy alika madio, osy madio, kisoa madio,… nefa andian'ondry ireo. Hoy izy ireo: "*Na vita batisa tamin'ny anaran'ny ray sy ny zanaka ary ny ary fanahy masina ianao na amin'ny anaran'i Jesosy-Kristy, dia mitovy ihany izany"*. Nefa, Gal. 1:8 milaza: Voaozona izay milaza izany.

Ny aprily 1993, nialohan'ny niovako fo, fony aho nandray ireo fahitana anankiroa, ny voalohany dia momba ny antso ho an'ny asa fanompoana ary ny faharoa momba ny iraka izay nahitako izay toriko ankehitriny nosoratana teny amin'ny lanitra, nijoro teo an'efitra aho tamin'izay ary nolazaina tamiko fa efitra (Na: tani-hay) ara-panahy izany satria tsy hino ahy ny olona. Dia taorian'ireo fahitana anankiroa ireo aho vao nankany am-piangonana voalohany indrindra. Tsy fantatro akory aza hoe fiangonana batista io… Izay hitako teny amin'ny lanitra tamin'iny andro iny teo amin'ny tamin'ny 3 ora tolakandro teo ihany no toriko. Tsy inoan'ny olona aho fa toheriny. Ireo maingoka sy ireo menarana eny amin'ny efitra dia manohitra ahy fa Andriamanitra kosa nanome fahefana hanoherako ary ireo sy ny poiziny. Lazain'ny olona aho fa demony, antikristy, mpamafy korontana, irak'i Satana, toriteny "nivaquine", … Tahaka izany ihany ny nanjo ireo mpaminany tao amin'ny Testamenta Taloha, i Jesosy Tenany izao mihitsy, ireo apostoly,… ary raha mbola mandefa olona ety an-tany Andriamanitra, dia ho tahaka izany hatrany mba hahatonga ireo Soratra Masina tsy hifanohitra. Tsy misy fifanoherana na tsy fifanoheran-tena ao amin'Andriamanitra. Ireo mpisorona, ireo fariseo, ireo sadoseo dia nivondrona mba hanohitra an'i Jesosy. Lioka 23:12 milaza izao: *« Ary tonga nisakaiza Heroda sy Pilato tamin'izany andro izany; kanefa nifandrafy izy roa lahy talohan'izany. »* Ry Rahalahy, milaza aminareo amin'ny anaran'ny Tompo aho, fa rehefa mahita olona manana fampianarana samy hafa

mivondrona hanohitra anareo ianareo, mifalia! Ô! Ry fariseo an'ny vanim-potoana ankehitriny, marina fa loza mananontanona ho an'ny tombontsoanareo sy ny firehan-kevitry ny fiangonanareo aho, fa matahora an'Andriamanitra!

Fantaro fa miaina amin'ny fotoan'i Lota sy Noa izay nananan'ireo fiangonana maro mpaminany sandoka sy olona manana hosotra isan-karazany ka mitety ny tany miaraka amin'ny fahagagana maro samihafa. Feno zanaky ny fahaverezana najoro ho amin'ny fiangonana sy fikambanana maro tahaka ireo katolika, ireo protestanta, ireo evanjelika ary ireo fiombonana sy vondrom-piangonana maro… Simba avokoa izay lalana mankamin'ny famonjena. Ary ao amin'i Noa, hitantsika fa ny atao hoe fiainana mandrakizay dia ny fanekena an'i Jehovah (Na: Ilay Mandrakizay), ilay Tena Andriamanitra ary izay Hitany fa tsara irahina. Ary nantsoin'ny olona ny fampitandremana hoe: Fitsarana. Izay nataon'ny fiangonana katolika tany amin'ny lasa, izany ihany no ataon'ireo protestanta sy evanjelika, izay sarisary satanika, ankehitriny. Ahoana no ahafahana mino fa ireo fanahy miasa ao amin'ireny fiangonana katolika, protestanta sy evanjelika ireny ary ny hafa dia ny Fanahy Masina? Ahoana no ahafahana manana ny Baiboly an-tanana no sady tsy mahalala fa ireny mpisikidy sy mpanao ody be palitao ireny dia asan'ny famitahana? Ary ireo mpaminany sesehena ety amintsika ankehitriny ireo dia manao fahagagana maro ka dia sonenika erỳ ny be sy ny maro. Velarina eo anoloany ny karipetra mena. Nefa ireo olona ireo ihany koa no manozona ahy; nefa, ireo toriteniny dia tsy inona akory fa ireo izay nianarany tao anatin'ny bokin'i Osborn na tamin'ny fivarotam-boky voalaza fa kristiana na tamin'ny seminera fampiofananao, sekoly fampianarana baiboly na napetrak'olona tsy fantatr'izy ireo akory tamin'ny Internet! Hitanareo? Ary Satana nanamboatra ireo mpaminany (Na: mpaminany sandoka) tao amin'ny Baiboly ary ny sasany aza nataony grefy: Abrahama-Elia, Paoly-Elia, Jaona-Elia, Elia-Elisa, Ezekiela-Elia, Daniela-Elia, Samoela-Elia, Elia-Agabo, Mosesy-Elia, ets. Raha ny tena izy, ireo dia Elyma maro raha tsy izany dia Jana sy Jambra maro miampy ireo fahagagana maro nataony mba hanamafy ny fon'ny mpinom-piangonana maro, faraom-piangonana maro ary tsy hamela ny Jiosy hivoaka an'i Egypta. Ary na aiza na aiza firenena alehanareo, dia ho hitanareo any ireo anarana mpaminany ireo. Na aiza na aiza ilay toerana, dia ao anatin'ny "dimension" (Na: refim-pisiana) fahadimy ny tany. Tsy hitan'izy ireo ny andry ao amin'ny mason'ny fiangonany fa ny sombin-kazo eo amin'ny mason'ny politika no hitany. Olona poak'aty sy mpiavonavona, mamon'ny teolojia, ary manokana-tena ho an'ny karazam-pahatsapàna maro, fihetseham-po maro, fankatovana maro ary famitahana maro… tehafan'ny fiangonana rehetra izy ireo. Ary hitantsika ireo fiangonana maro izay mikambana ao anaty fiombonana isan-karazany lavitra ny Teny ary na dia eo aza ny tsy fitovian'ny fampianarany, ahalalany fa ny pasitera iray avy ao amin'ny "assemblée de dieux" dia tsy afaka mitandrina ao amin'ny fiangonana pentekôtista iray, batista na advantista… ary ny iray tsy afaka mandray fanasan'ny Tompo any amin'ny iray. Koa eo ambonin'ny fototra inona ary iorenan'ny fiombonan'izy ireo e? Eo ambonin'ny lavaka lalina sy ho an'ny fahaverezana ary avy amin'ny fanoroan-kevitr'ireo andriamaniny sy ireo fanahy masiny. Ô! Zava-poana ny fivavahanareo sy fifadian-kaninareo… Hofongarin'Andriamanitra ianareo rehetra! Tsy manakivy anareo aho fa hankany amin'ny fahaverezana ianareo rehetra. Nosimbainareo ny Fahamarinana, hoavalin'Andriamanitra aminareo izany.

Izaho dia nirahina hitsara ary hitako nosoratana teny amin'ny lanitra ireto teny fitsaràna ireto ho amin'ny taranaka tsy mino ka aleony teolojia toy izay Tenin'Andriamanitra, aleony famitahana toy izay Fahamarinana, aleony Barabasy toy izay Jesosy-Kristy, aleony fahafatesana toy izay fiainana… Miaina amin'ny fotoana farany mialoha ny fampakarana isika izao, ny trompetran'i Satana maneno ho fanangonana ireo zanany sy ireo fiangonany araka ny Matio 13:24-30 fa ny feon'ny fiantsoana (Na: fibaikoana) alefan'Andriamanitra kosa manangona ny olom-boafidy.

Rahalahy, ahoana no ahafahan'olona maro manana fampianarana samy hafa miombona? Jereo ny gazety *"Fraternité matin"* tamin'ny alakamisy 22 aogositra 2002 ao amin'ny pejy faha-3. Ireo filoham-piangonana maro izay miara-maka sary eo anoloan'ny mpaka sary. Ny lohan'ilay sarin'ny dragona. Rahalahy, ianareo ve efa nahita andiany izay sady misy osy maro, omby maro, alika maro, kisoa maro, akoho maro,… Izany no sarin'ireo firaisana, fivondronana ary fikambanana fiangonana maro ireo. Ary iza no mpiandry azy ireo? Satana Mazava ho azy! Ny omby manao hoe ouuuuhh ! Ny alika mivovo wooouh ! Wooouh ! Ny kisoa mitrerona grrrrhh ! grrrhh ! Ary ny osy, ny akoho, … Hitanareo? Loha iray miteny ny fiteny batista, loha iray hafa koa miteny ny fiteny pentekôtista, loha iray hafa koa miteny ny fiteny metodista, dia tahak'izany hatrany… Hitanareo? Izato manana izao fampianarana izao, izaroa manana izao fampianarana izao,… Hitanareo? Inona no ambaran'ny Matio 13:24-30? *«Dia hoy izy taminy:… Aoka ihany hiara-maniry izy roroa ambara-pihavin'ny fararano; ary amin'ny fararano dia holazaiko amin'ny mpijinja hœ: Angony aloha ny tsimparifary, ka ataovy amboarany (Na: mololo) mba hodorana; fa ny vary dia taomy ho any an-tsompitro. »* Ny amboarany (Na: mololo) iray dia amboaran-javatra maro karazana. Ny fiangonana batista dia amboara iray, fa rehefa mitambatra ireo batista, metodista sy ny sasany, dia mololo iray izay. Ny firaisana na vondrona fiangonana maro rehetra dia mololo iray. Ary ny Baiboly milaza fa hisy betsaka ireo ary hodorana izany.

Rehefa mahita ireo zanak'i Satana mihaona amin'ny fianakaviany, mihavana na mikambana ianareo, fantaro fa manangona ny olom-boafidiny koa Andriamanitra. Amen! Andriamanitra nilaza fa hoangonina (Na: hoafatotra miaraka) ireo mba hodorana araka ny Matio 13:24 ka hatramin'ny 30. Hitanareo eto fa tokana (Na: au singulier) ny sompitra fa ireo mololo na amboara kosa dia maro (Na: au pluriel). Hitanareo? Ny fiangonana batista "libre", amboara iray. Ny fiangonana batista "fondamentale", amboara iray. Ny fiangonana batista apostolika, amboara iray. Ny fiangonana batista misionera, amboara iray. Ny fiangonana batista "méridionale", amboara iray. Ny fiangonana batista "du plein évangile", amboara iray. Ny fiangonana batista "œuvres et missions", amboara iray… Fa, ny vondrona iraisam-pinoan'ny fiangonan'i Kenya, mololo iray. Ny vondrona nasionalin'ny fiangonana evanjelika an'i Martinique, mololo iray. Ny fikambanan'ny fiangonan'i Espagne, mololo iray. Ny vondron'ny fiangonana evanjelika an'i Allemagne, mololo iray. Ny firaisan'ny fiangonana karismatika, mololo iray. Ny fikambanan'ny mpanompon'andriamanitra avy any France, mololo iray. Hitanareo?

Andriamanitra dia nandefa ny Fanahy Masina ho amin'i Matio, Marka, Lioka ary Joana ary izy ireo dia nanoratra ny filazantsara efatra, samy tany amin'ny nisy azy avy nefa tsy mba mifanohitra ny tsirairay. Marka afaka nilaza zavatra izay tsy nolazain'i Jaona nefa tsy mba hifanohitra velively izy ireo. Satana tsy afaka manao izany miaraka amin'ireo fiangonany maro sy ireo fanahy masiny izay miasa ao amin'ireo fiangonana ireo. Nanomboka teo amin'ny i Mosesy ka hatrany amin'i Paoly,

1600 taona no lasa ary naka olona mihoatra ny 40 Andriamanitra mba hanoratra ireo boky 66 ao amin'ny Baiboly dia hitanareo firindrany (Na: fifanarahany)? Andriamanitra tsy mba manohitra ny tenany! Ireo fiangonana maro ireo, ireo filohany, ireo "révérends", ireo pasitera sy ireo mpaminany, … ary ireo andriamaniny, ireo fanahy masiny sy ireo Jesosiny dia hankany amin'ny helo! Efa hitako nosoratana teny amin'ny lanitra izany ny aprily 1993 ary nolazaina tamiko ny hanonona izany. Efa voasoratra teo amin'ny lalotra sokay an'ny lanitra hoe: Tonony ny fitsaràna! Hitanareo?

Ity Hafatra ity dia fampitandremana ho an'ireo zanak'Andriamanitra mba hibebahan'izy ireo fa ireo zanaky ny devoly kosa dia hahita Azy tahaka ny fitsaràna ary marina izany satria tamy Izy ho fanamelohana azy ireo. Ka na iza na iza mamporisika ny namany hazoto hijanona ao anatin'ireny fiangonana ireny dia hofongotra tahaka ny ratsy fanahy (Na: tsy tia fivavahana) izy, na iza na iza mitory teolojiam-piangonana fa tsy ny fanambarana ara-paminanian'ny vanim-potoany dia hofongotra tahaka ny olona iray izay mivarotra firavaka hosoka eo amin'ny toeran'ny volamena. Izay manan-tsofina ho enti-mihaino aoka izy hihaino!

Nisy jiolahy iray nangalatra ny fananan'ny tompony ary nandeha tany an-tany lavitra. Nanova anarana sy nody nanao ny tenany ho olon-tsara izy. Nanambady, nipetraka tamin'ny trano tsara tarehy sy lafo vidy, naka namana olona maro (Na: tsara fifandraisana) ary tia manampy ny hafa izy. Araka ny fanoroana natao, nandefa mpitsikilo voaloha izay tsy mahafantara ny tarehin'ilay jiolahy ny tompony. Fa matihanina amin'ny fitsikilovana nefa. Nandeha izy, dia nahita azy saingy tsy fantany hoe io ilay jiolahy. Nitoetra andro maromaro tao an-tranony izy ary niverina niaraka tamin'ny fanomezana. Dia iny indray ny tompony fa nandefa mpitsikilo faharoa izay mahafantatra ny tarehiny sy ny anarany tany amin'ny tany nihaviany. Hitan'ilay mpitsikilo ilay jiolahy saingy nanaovany kolikoly izy, nomeny karama mihoatra ny azony tamin'ny fitsikilovana ary nampidiriny hiara-hanao asa maizina aminy. Tsy niverina ilay mpitsikilo, ny tompony dia nandefa mpitsikilo fahatelo izay mahafantatra ny tarehin'ilay jiolahy sy ny tena anarany (Na: anarany tany am-piandohana). Rehefa hitan'ilay mpitsikilo ilay jiolahy sy ny hareny ary ireo izay rehetra nobaboiny, dia niantso mafy sady nampandre ny tanàna manontolo izy saingy tsy nisy nino noho ny endrika ivelany sy ny anaram-baovaon'ilay jiolahy. Ary mponina teo amin'ilay tanàna dia niresaka momba (Na: nikasa) ny hanipazana ilay mpitsikilo an-trano maizina. Izay manan-tsofina ho enti-mihaino aoka izy hihaino.

OLONA IFANDRAISANA: Rahalahy Kacou Philippe Mailaka: kacou.philippe@yahoo.fr / Finday: +225-0252-0252
Tranokala: www.matth25v6.org na tadiavo ao amin'ny Google ny hoe: « Mpaminany Kacou Philippe »